



REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA  
Fitiavana - Tenindrazana - Fandrosoana



**REPOBLIKA FAHAEFATRA  
FE-POTOANA FANAOVAN-DALANA FAHAROA**

**FOTOAM-PIVORIANA TSY ARA-POTOANA FAHAROA  
TAONA 2020**

DIRECTION DE LA LEGISLATION

SERVICE DES PROCES-VERBAUX  
ET DES COMPTES-RENDUS ANALYTIQUES

**FITANANA AN-TSORATRA NY FIVORIAMBE**

LAHARANA FAHA-87 EX

**LANONAM-PAMARANANA NY FOTOAM-PIVORIANA  
TSY ARA-POTOANA FAHAROAN'NY ANTENIMIERAMPIRENENA, TAONA 2020.**

Fivoriana Fahaefatra  
Natao ny  
Alakamisy 3 Septambra 2020  
- Atoandro -

## **FIVORIAMBE**

**FILOHA:** Ramatoa RAZANAMAHASOA Chrisitine Harijaona

**MPITANTSORATRA:** - Ramatoa RAKOTOMANGA Lantoarivola Sedera  
- Andriamatoa RAZAFINTSIANDRAOFA Jean Brunelle

**FOTOANA:** Alakamisy 3 Septambra 2020, tamin'ny 12 ora sy 15 minitra, atoandro.

**FANDAHARAM-POTOANA:** Lanonam-pamaranana ny fotoam-pivoriana tsy ara-potoana faharoan'ny Antenimierampirenena, taona 2020.

- Lakolosy -

- 1 -

**- Fitohizan'ny fivoriana -**

### **Ramatoa FILOHA**

Tompokolahy sy Tompokovavy, mitohy ny fivoriant­sika.

Miarahaba antsika rehetra tonga manatrika izao lanonam-pamaranana ny fotoam-pivoriana tsy ara-potoana faharoan'ny Antenimierampirenena, taona 2020 izao.

Mialohan'ny hidirantsika amin'ny votoatin-draharaha dia mbola mamerina ny fiarahabana manokana ireo Minisit­ra vaovao voatendry ho mpikambana ao amin'ny Governemanta ny Antenimierampirenena ary mirary soa ho azy ireo hahavita ny adidy sy ny andraikitra izay iantsorohany.

Raha ao izy efatra mianadahy, iangaviana mba hitsangana ho hitan'ny Solombavambahoaka rehetra, raha tsy ao izy ireo dia misy ny fialan-tsiny napetrany. Tsy ao angamba izy ireo.

Iangaviana ampanajana, Ramatoa Mpitantsoratra, mba hamaky ny andininy faha-76 ao amin'ny Lalàmpanorenana sy ny Didim-panjakana laharana faha-2020-1077 tamin'ny 2 Septambra 2020 mampiato izao fotoam-pivoriana tsy ara-potoana faharoan'ny Antenimierampirenena izao.

- 2 -

**- Famakiana ny andininy faha-76 ao amin'ny Lalàmpanorenana sy ny Didim-panjakana laharana faha-2020-1077 -**

### **Ramatoa RAKOTOMANGA Lantoarivola Sedera**

Andininy faha-76 ao amin'ny Lalàmpanorenana:

Mivory tsy ara-potoana araka ny lahadinika voafaritra ny Antenimierampirenena noho ny fitarihan'ny Praiminisit­ra, na noho ny fangatahan'ny antsasa-manilan'ny mpikambana ao amin'ny Antenimierampirenena araka ny Didim-panjakana noraisin'ny Filohan'ny Repoblika teo amin'ny Filankevitry ny Minisit­ra.

Tsy mihoatra ny roa ambin'ny folo andro ny faharetan'ny fotoam-pivoriana; na izany aza anefa, raha vantany vao tapitra ny lahadinika izay niantsoana ny Antenimierampirenena dia faranana amin'ny alalan'ny Didim-panjakana ny fivoriana.

Didim-panjakana laharana faha-2020-1077:

PRESIDENCE DE LA REPUBLIQUE  
**DECRET N°2020-1077**  
**portant clôture de la session extraordinaire du Parlement**

LE PRESIDENT DE LA REPUBLIQUE

Vu la Constitution, notamment en ses articles 76, 85 et 96;  
Vu le décret n°2019-1407 du 19 juillet 2019 portant nomination du Premier Ministre, Chef du Gouvernement;  
Vu le décret n°2020-070 du 29 janvier 2020 modifié et complété par les décrets n°2020-597 du 4 juin 2020 et n°2020-997 du 20 août 2020, portant nomination des membres du Gouvernement;  
Vu le décret n°2020-998 du 20 août 2020, portant convocation du Parlement en session extraordinaire;  
Vu la lettre n°132-AN/P/2020 du 02 septembre 2020 du Président de l'Assemblée Nationale;  
Sur proposition du Premier Ministre, Chef du Gouvernement,  
En Conseil des Ministres,

**DECRETE:**

**Article premier.**- La session extraordinaire du Parlement est déclarée clôturée le 03 septembre 2020.

**Article 2.**-En raison de l'urgence et conformément aux dispositions des articles 4 et 6 alinéa 2 de l'ordonnance n°62-041 du 19 septembre 1962 relative aux dispositions générales de droit interne et de droit international privé, le présent décret entre immédiatement en vigueur dès sa publication par voie radiodiffusée ou télévisée, indépendamment de son insertion au Journal Officiel de la République.

**Article 3.**- Le Ministre de l'Economie et des Finances, le Ministre de l'Intérieur et de la Décentralisation et le Ministre de la Communication et de la Culture sont chargés, chacun en ce qui le concerne de l'exécution du présent décret qui sera enregistré et publié au Journal Officiel de la République.

Fait à Antananarivo, le 02 Septembre 2020

Par le Président de la République,

Andry RAJOELINA

Le Premier Ministre, chef du Gouvernement,

NTSAY Christian

Vita, Ramatoa Filoha.

**Ramatoa FILOHA**

Tompokolahy sy Tompokovavy, isaorantsika Ramatoa Mpitantsoratra tamin'ny famakiana ny andininy tao amin'ny Lalàmpanorenana sy ny Didim-panjakana teo.

- 3 -

**- Kabary nataon-dRamatoa Filohan'ny Antenimierampirenena -****Ramatoa FILOHA**

Tompokolahy sy Tompokovavy, araka ny voalaza teo dia hita fa feno ny fepetra ahafahana mamarana izao fivoriana tsy ara-potoana izao.

Andriamatoa Minisitry ny Atitany sy ny Fitsinjaram-pahefana, solotenan'Andriamatoa Praiminisitra,  
 Andriamatoa Filoha Lefitry ny Antenimierandoholona,  
 Andriamatoa sy Ramatoa isany mpikambana ao amin'ny Birao Maharitry ny Antenimierampirenena,  
 Andriamatoa Filoha Lefitry ny Komitin'ny Fampihavanana Malagasy;  
 Ramatoa Filohan'ny Filankevitra Ambony Miaro ny Demokrasia sy ny Tany Tan-dalàna  
 Andriamatoa sy Ramatoa isany Minisitry mpikambana ao amin'ny Governemanta;  
 Andriamatoa sy Ramatoa isany Solombavambahoakan'i Madagasikara, namana hajaina;  
 Andriamatoa Mpanolotsainan'ny Vaomieram-pirenena misahana ny Fifidianana,  
 Andriamatoa Mpanolotsainan'ny "Mediature de la République"  
 lanareo olo-manan-kaja ambony Sivily sy Miaramila izay tonga manatrika etoana;  
 lanareo Mpandraharaha namana ato amin'ny Antenimierampirenena;  
 lanareo mpanao gazety avy amin'ny haino aman-jery samihafa;  
 Tompokolahy sy Tompokovavy.

Ny veliranon-dRamavitrika, hono, rehefa hiasa dia hiasa. Tsy ambakan'izany ny Solombavambahoaka teto nandritra ny fiatehana ny Lahadinika, fa rehefa hatao dia hatao, tsy misy andraso andraso. Tsy misy asa mitarazoka izany, ka tsy mahagaga raha toa hamarana sahadry ity fotoam-pivoriana tsy ara-potoana ity isika anio satria vita soa aman-tsara ny anton-draharaha.

Izay no hifanotronana eto ankehitriny, ry Olo-manan-kaja vahiny nasaina, koa mankasitraka anareo namaly ny antso sy manome voninahitra izao fotoana izao. Faly miarahaba koa etsy ankilany ary mirary fahombiazana ho anareo mandrakariva izahay.

Eto dia tsy hatao lava aloha ny resaka, fa fintina sy fandravonana ny asa vita sy natrehana ihany angamba no hatolotra. Hataontsika ho zokin'ny ao afara ny lahateny misimisy satria mbola hihaona tsy ho ela ihany amin'ny fotoam-pivoriana ara-potoana faharoa, fanaon'ny Antenimierampirenena amin'ny volana ambony.

Koa raha ambara tsotra ary ny fizotran'ny asa natao teto araky ny votoatin'ny lahadinika ao amin'ny Didim-panjakana nampiantso ny fivoriana dia ambara tsy amim-pihambahambana, fa voahaja tanteraka ny voalazan'ny andininy faha-96 ao amin'ny Lalàmpanorenana sy ny pitsopitsony araky ny voalaza ao amin'ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena mikasika ny fananganana ny CMP na ny "Commission Mixte Paritaire".

Raha ny fizotry ny adihevitra teo amin'ireo mpikambana nandrafitra io CMP io kosa sy ny asa nataony no asiana resaka fohy dia tsara ny manamarika fa tsy mitovy ny fomba fiasan'ny Kaomisiona tsotra sy ny CMP. Ny Kaomisiona tsotra dia mizaha ny hevitra ny maro an'isa, fa ny CMP kosa dia mikatsaka ny marimaritra iraisana. Ny tsy fanomezan-danja ny famaritana ny atao hoe marimaritra iraisana (consensus), io no nahadiso hevitra ireo Parlementera sasany izay mbola nikatsaka ny maro an'isa amin'ny alalan'ny tsangan-tànana. Noho ny tsy fisian'io marimaritra iraisana io indrindra anefa no nahatonga ny Governemanta nampihatra ny Andininy faha-96, andalana faha-4 ao amin'ny Lalàmpanorenana, ka nanome ny fandraisana fanapahan-kevitra farany ho an'ny Antenimierampirenena. Koa taorian'ny fandinihana fanintelony sady farany izay nataon'ny Antenimierampirenena dia lany soa aman-tsara tsy nasiam-panovàna ny volavolan-dalàna laharana faha-001/2020 tamin'ny 26 Febroary 2020.

- Tehaka -

Marina fa zava-baovao ihany ary sambany vao nisy io resaka CMP io teto amintsika, kanefa voafehy tanteraka izany noho ny fanarahantsika antsakany sy andavany ny Fitsipika Anaty mifehy ity Andrimpanjakana ity. Koa eto dia manararaotra misaotra ireo Solombavambahoaka nisolotena ny Antenimierampirenena tao amin'io CMP io.

Nahafahan'ny Solombavambahoaka nampiseho ny fahamatorany ihany koa iny asa iny. Azo tarafina tamin'iny fa misy hatrany ny fiaraha-miasa matotra eo amin'ny Solombavambahoaka sy ny fahefana Mpanatanteraka. Koa atsipy ny teny ho anao, Andriamatoa Filoha hajaina, Andry Nirina RAJOELINA, fa mbola tsy mivadi-belirano mihitsy ny Solombavambahoaka.

- Tehaka -

Ho anao koa, Andriamatoa Praiminisitra, Lehiben'ny Governemanta, efa maro ny dina nifanaovana fa mbola noporofoin'ny Solombavambahoaka tamin'ny asa izay nataony hatrany, fa tsy mivadika izy ireo. Mbola vonona hatrany izahay amin'ny fiaraha-miasa mahomby ary tsy mitsahatra maneho izany mba hahitam-pahombiazana amin'ny asa fampanandrosoana ity Firenena ity, koa antsoina andro dia andro, antsoina alina dia alina. Koa ny fitia hono mivaly fitia, ny fitia mifamaly rahateo maha-tsara fihavanana, ka tsarovy ihany ireny teny sy fampanantenana nifanaovana.

- Tehaka -

Ohatra singanina amin'izany, ny fangatahana fananganana fotodrafitrasa, ny ady amin'ny tsy fandriampahalemana any ambanivolo rehetra any mba jereo akaiky, satria mitady hirongatra indray ny asan-dahalo tato ho ato, ka mba anaovy ezaka manokana izany.

Maro ny resaka nifanaovana, koa tsarovy ny fitaovana ho entin'ny Solombavambahoaka hanatontosa ny asany any amin'ny Distrika nahavoafidy azy. Ny mamerin-teny hono tsy manery ary ny mampatsiahy tsy mandodona; koa misaotra mialoha sahady, Tompoko, amin'izay vita sy mbola hataonareo.

- Tehaka -

Tompokolahy sy Tompokovavy,

Sombiny fotsiny amin'ny raharaham-pirenena, fa tsy hiresaka lava intsony aloha raha mahakasika ny fiatrehana ny valan'aretina satria efa hitam-poko hitam-pirenena fa manao izay ho afany ny Fitondram-panjakana, manao izay hanamaivanana ny fahasahiranam-bahoaka arak'ireny karazana vatsy sy tosika efa zaraina ireny. Iza indray aza moa dia heno fa efa manomboka koa ny fividianana ireo vokatry ny tantsaha mba ho fanampiana sy ho fitsinjovana azy ireo. Noho izany, tsy misy ambara firy, fa misaotra mandrakariva sy mankahery ny mpitondra isika ary mankasitraka azy ireo fa manan-kianteherana tokoa ny vahoaka.

Manarak'izany dia faly miarahaba ireo kilonga madinika, izay efa nahavita ny fiatrehana ny fanadinana CEPE. Misaotra an'Andriamanitra lehibe isika satria tontosa soa aman-tsara izany ary tsy azon-tsapona. Mirary fahatomombanana sahady koa ho an'ireo mbola vao hiatrika izany fanadinana izany, noho ny fandaminana natao.

Tao anaty fotoan-tsarotra tokoa no iatrehanareo ny fanadinana ankehitriny, kanefa mankahery sy mirary soa sy fahombiazana ho anareo izahay rankizy. Tsy hadino koa ny Raiamandreny izay misikim-ponitra fatratra ho an'ny zanany, koa ny angatahana amin'ny Ray Mpahary dia mba hamaly ny ezaka rehetra efa nataonareo anie Andriamanitra; hahatafita ny zandry, zanaka, taranaka handimby any aoriana.

Mirary soa mandrakariva koa ho an'ny vahoaka Malagasy, indrindra amin'ny fiatrehana izao valan'aretina izao. Enga anie ka tsy ho tradoza ary samy ho ambinin-java-manasatra avy isika rehetra. Aoka samy ho mailo hatrany, fa na dia mihena aza ny voan'izany aretina izany dia mbola eo ny valan'aretina.

Mamerina ny fisaorana sy fankasitrahana anareo Solombavambahoaka, namana mpiaramiasa rehetra tsy ankanavaka. Arahabaina ianareo nahavita antsakany sy andavany ny asa nankinina taminareo, indrindra fa narahim-pahombiazana izany asa izany.

Mbola vonona mandrakariva, Tompoko, ny Antenimierampirenena sy ny Solombavambahoaka hanatontosa amin'ny asa na adidy atolotra azy ireo. Fantatsika loatra, fa sarotra dia sarota no niantsoana ny Solombavambahoaka tato anatin'ny fotoana fohy satria mbola miaina ny fahamehana ara-pahasalamana isika. Tsy natao ho sakana izany, fa tonga ny 2/3-n'ny Solombavambahoaka, nanao izay tsy eran'ny ainy ho fanajana izany fotoana ivoriana izany. Tsy hadino izany, fa manolotra fisaorana sy fiarahabana feno anareo Solombavambahoaka.

- Tehaka -

**- Fifaranan'ny fivoriana****Ramatoa FILOHA**

Misy ny fitarognana hoe: ny veloma tsa hay ro mahaligna andro, koa ho faranako eto ny tarogna ary samia ho tahian'Andriamanitra aby isika rehetra.

Ambarako ary fa mifarana androany Alakamisy 3 Septambra 2020 ny fivoriana tsy arapotoana faharoan'ny Antenimierampirenena.

Eto ampamaranana, mirary antsika rehetra ho tonga soa any amin'ny toerana izay niaviantsika tsirairay avy ny tenako ary manantena fa hihaona indray isika amin'ny fotoampivoriana manaraka sady mety efa ho eny amin'ny Lapan'ny Antenimierampirenena eny Tsimbazaza amin'izay fotoana izay.

Mifarana hatreo ny fivoriantrika.

Misaotra Tompokolahy.  
Mankasitraka Tompokovavy

Nifarana tamin'ny 12 ora sy 35 minitra, atoandro, ny fivoriana rehefa avy nisaotra ny rehetra, Ramatoa Filoha.



**RAZANAMAHASOA** Christine Harijaona